HETSIKA ROHY 1

Rindran'ny Olom-pirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

# FANAMBARANA

## Tsy ekena ny fanagadràna tsy ara-dalàna mpanao gazety na inona na inona ny firehany !

Ny Hetsiky ny Firaisamonimpirenena ROHY dia maneho etoana ny tsy fankasitrahany manoloana ny fitazonana amponja an-dRamatoa RAHELISOA Arphine, Mpanao gazety sady Talen'ny famoahana ny Gazety sy tranonkala VALOSOA noho ny loham-piampangàna ***« Fitarihana fankahalàna »*** izay mety hanakorontana ny filaminam-bahoaka

Etsy andaniny, araky ny Holafitry ny Mpanao Gazety, dia nazava tsara ny zava-nitranga : Tsy Ramatoa RAHELISOA Arphine velively no nanoratra tamin'ny tranonkala fa « mpamono olona » ny Filoha Rajoelina eo amin'ny fitantanany ny COVID-19. Nanamarina izany mihitsy ilay olona tompon'andraikitra tena nanoratra izay sady mpandrindra ilay tranokala.

*Etsy ankilany koa,* ***ny Lalàna mifehy ny serasera 2016-029 dia tsy manambara sazy mampigadra velively mahakasika izany, araka ny voalaza ao amin'ny andalana faha-4 amin'ny sasinteny*** *: « Ny foto-kevitry ny tsy famaizana no fototra ijoroan' ity fehezandalàna ity. Tsy midika fanafoanana ny fandikan-dalàna anefa izany, fa ny fanoloana ny sazy fanagadràna amina sazy aloa vola. Izany dia mahakasika ny fandikan-dalàna tsotra toy ny fanamavoana, fanalam-baraka na fanompana amin'ny alàlan'ny fampahalalam-baovao. Ny fahadisoana hafa, indrindra fa ireo nosokajiana ho heloka bevava, dia fehezin'ny Fehezandalàna famaizana (Code Penal) na ireo fepetra voafetra mifehy azy ireo.* ***Sazy ara-bola no ambarany ao amin'ny andininy faha-24:*** *«Ny teny manafintohina na voambolana fanamavoana natao aman'olona iray, dia ompa no dikany*
*Ny fanevatevàna natao amin'ny alalan'izany fomba izany atao amina andrim-panjakana na olona voatondro ao amin'ny andininy faha-21 amin'ity fehezan-dalàna ity dia iharan'ny fanasaziana 1 000 000 ka hatramin'ny 2.000.000 Ariary »*.

Ny Mpitondra ankehitriny no tompon'andraikitra amin'ny fananganana firenena manaja ny lalàna sy ny tany tandalàna, mendrika ny famaritana ny hoe Demokrasia. Fanitsakitsahana ankitsirano ny fahalalahan'ny fanaovan-gazety sy ny fahalalahana haneho hevitra izay fototra roa lehibe ijoroan'ny demôkrasia io fanagadràna io. Ny Hetsika ROHY dia manamafy fa fahambaniana ny fanagadràna mpanao gazety manao ny asany amin'izao taona 2020 izao kanefa efa misy sazy voarakitry ny lalàna tokony hajaina sy hampiharina.

Araka izany, ny ROHY dia:

- manohana ny holafitry ny Mpanao gazety eto Madagasikara amin'ny tokony hamoahana tsisy hatak'andro an-dRtoa RAHELISOA Arphine no sady manambara ihany koa fa tokony tsy hisy intsony ny fanagadrana mpanao gazety na inon na inona firehana tohanany sy misy azy.
- miantso kosa ny fandraisan'andraikitry ny tsirairay eo amin'ny fanatanterahana ny asany ao anatin'ny fitoniana sy ny fifanajàna ary ny lalàna hahafahantsika mitandro ny filaminana, ivelan'ny hevitra pôlitika

Tokony tsy ampiantsika disadisa hafa ny fiatrehan'ny firenena sy izao tontolo izao miaraka ny olana goavana hateraky ny vanimpotoana ankehitriny noho ny fisian'ny valan'areti-mandoza toy izao.

Antananarivo, 08 Aprily 2020